Izaho dia lehilahy mora ivoahan'ny "Madhi" (tsiranoka amin'ny filahiana) ary menatra ny hanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) noho izaho manambady ny zanany vavy ka naniraka an'i Miqdad Ibn Al-Aswad hanontany azy aho, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) namaly hoe : "Sasany ny henatrany avy eo dia manao ozò izy

Tatitra azo avy amin'i Ali (R.A) niteny manao hoe : Izaho dia lehilahy mora ivoahan'ny "Madhi" (tsiranoka amin'ny filahiana) ary menatra ny hanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) noho izaho manambady ny zanany vavy ka naniraka an'i Miqdad Ibn Al-Aswad hanontany azy aho, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) namaly hoe : "Sasany ny henatrany avy eo dia manao ozò izy". Amin'ny Bokhari kosa dia: Niteny ny Mpaminany (S.A.W) hoe : "Manaova ouzò ary sasao ny henatrao".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nilaza i Ali Ibn Abi Tàlib (R.A) fa izy dia be Madhi - izy io dia ranon-javatra fotsy madity izay mivoaka amin'ny filahina rehefa te hanao filana na mialohan'ny firaisana-, Ary tsy fantany ny tokony hataony rehefa mivoaka aminy io zavatra io, ka menatra ny hanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) izy, noho izy vadin'i Fatima zanakavavin'ny Mpaminany (S.A.W), Dia niangavy an'i Miqdad Ibn Al-Aswad hanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) momba izany, Dia namaly ny Mpaminany (S.A.W) : mba hanasa ny henatrany avy eo dia manao ozò fotsiny.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3348